

DORO TRANO TAMIN'NY 26 JANOARY 2009

Namela tantara ratsy ho an'ireo izay nanao azy

Tsy mbola maty ao an-tsain'ny vahoaka Malagasy ny herisetra nataon'ireo mpandroba fahefana ny 26 JANOARY 2009, 13 taona lasa izay, dia ny doro-trano izay nanombohan'ny mpan-detika firenena ny asa ratsiny, io ilay nantsoina hoe "lundi noir" na "Alatsinainy maizina". Maizina tokoa satria nihorohoro Antananarivo iray vohitra satria nirehitra ny tanàna, noho ny nataon'ireo mpanongam-panjakana notarihan'ny Andry Rajoelina.

Raha tsiahivina ny zava-nitranga, notokanana ny "kianjan'ny demokrasia" ny Sabotsy 17 Janoary 2009, herinandro taorian'io ny Sabotsy 24 Janoary 2009, dia nanambara Ingahy Rajoelina fa izy amin'izany no mibaiko ny polisy, ny zandary, ny miaramila ary ny mpiasampanjakana, dia nolazainy koa fa mifarana ny hetsika teny Ambohitovato, fa manomboka ny Alatsinainy 26 Janoary 2009 dia eny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey amin'izay ny fihaonana ary atao isan'andro mandram-piongan'ny fitondrana tarihan'ny Filoha Ravalomanana.

Ny Alohady 25 Janoary 2009 dia tonga avy any Afrika Atsimo ny Filoha Ravalomanana, vahoaka marobe no tonga nitsena azy teny Ivato, sy nihoby azy tamin'ny lalana nolalovany niala teny Ivato hatreny Faravohitra.

Naharomotra ny mpomba an-dRajoelina sy ny forongony izany, ka tsy niandry ela ry zareo, fa ny Alatsinainy andro voalohany nidinana teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey dia raikitra ny fitaomana olona ho teny Anosy, nambara tamin'izany fa nisy hono mpianatra voatana tao amin'ny Lapan'ny fitsarana, noho izany dia mila manao rodobe any ny vahoaka hamoaka ireo mpianatra ireo. Saingy tsy izay no nitranga fa niroso tamin'ny fandorana ny Rnm sy Tvm, sy fandrobana ireo entana tao amin'ireo toerana roa izy nitahirany ny vako-pirenena ireo. Very tanteraka ireo tahirimpirenena satria izay tsy may dia voaroba.

Taorian'ny tao Anosy, dia nanambara Ingahy Rajoelina teny Andavamamba, fa handeha hamonjy fodiana izy, ka notsotony rano izay handeha handoro ny Mbs sy ny Tiko eny Tanjombato, tsy ireo ihany no voaroba sy may, fa tratra koa ny fananan'olon-tsotra teny Analakely, Behoririka, Ankorondrano, marihina fa nolalovan'ny mpandroba fotsiny ny Building Ramaroson, Savonnerie Tropicale, ny fananan'ny Edgard Razafindravahy teny Ankorondrano fa tsy nokotihana.

Tsy ny teto Antananarivo ihany no nodorana sy norobaina ny fananan'ny Filoha Ravalomanana, fa nitohy tany amin'ny faritra



Ny fahamaizan'ny RNM sy TVM, 13 taona lasa izay.

izany ary hatramin'izao dia mbola maro ireo fiaran'ny Tiko tsy mbola naverina.

Hatramin'izao dia mbola mitohy ny antsojay atao amin'ny Filoha Ravalomanana sy ny orinasany, tsiahivina fa nisy tamin'ireo mpomba an-dRajoelina nahavita niteny hoe: "potehina ny fananan-dRavalomanana, fa rehefa rava ny fananany dia tsy manambola intsony izy hanaovany politika".

13 taona aty aoriana mbola eo ihany ny Filoha Ravalomanana, efa ho 8 taona izao izy no tafaverina avy any Afrika Atsimo, vao mainka mitombo ny fitiavan'ny vahoaka malagasy azy, sady efa mahatsiaro tena tanteraka ireo vahoaka ireo, fa tsy azo ianteherana ny mpandroba sy ny mpandoro.

Ny mampalahelo dia ankehitriny mbola misitraka ny voka-dratsin'ny nataon'ireo tsy mataho-tody ny vahoaka, satria ny tundra-drano izay iainana ankehitriny dia vokatra ny gaboraraka nataon'ireo nahazo fahefana tsy an-drarin'ny ny fahamaizana tesy sy eroa dia mbola tohin'ny vitan-dratsy nentin'ireo nilalaza afo ary ny herisetra tsy an-drarin'ny sedrain'ny vahoaka dia mbola farasisan'ny zavadoza noketrehin'ireo tsy mitsinjo ny farany.

Ny zava-nitranga tamin'ny 13 taona lasa, izay noheverin'ireo mpandroba fahefana ho ampanga nandreseny dia lasa vainafo tsy miala eo an-tampondohany, ary ny Filoha Ravalomanana, izy nofofina dia vao mainka mitombo ny fitiavan'ny vahoaka azy.

Ny Valosoa

Lasa Me Olala

Mpisolovava mpiaro ny tsy rariny



Me Olala fahavelony.

Lavo ny andrarezina, lasa Me Olala na Me Willy Razafinjato, nodimandry afak'omaly teo amin'ny faha-76 taonany, tao amin'ny Hopitaly Andohatapenaka. Nahafantarana azy ny fiarovana ny tsy rariny samy hafa misy eto amin'ny firenena, ny fiarovana ireo raharaha mafampana nisy, nanampy ireo rehetra izay tratan'ny tsindry hazolena koa ity mpisolovava ity. Nitondra ny teny fampionanana ho an'ny fiankaviany ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM sy ny antoko TIM: "tamin'ny alahelo lehibe no

nandresana ny fahalasan'ny Maitre Willy RAZAFINJATOVO na i Maitre Olala. Nampjavaka azy ny fahasahiany sy ny fijo-roany manoloana ireo tsy fahamarinana sy ny tsy rariny nisy teto amin'ny firenena. Koa amin'ny anaran'ny tenako manokana, sy ny ankohonako ary ny mpikambana ato amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM) dia maneho ny fiaraha-miory sy mitondra ny teny fampionanana ho an'ny fiankaviany". Omaly, tonga nit-

sapa alahelo ny fiankaviany tetsy Ankadifotsy koa, ny fiankaviany ny RMDM sy TIM, nahitana ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro, ny mpandrindra nasionaly Jean Clau- de Rakotonirina, ny avy amin'ny RMDM, notarihan'ny filoha lefitra nasionaly avy amin'ny faritanin'i Toliara, Pasitera Edouard Tsarahame. Nisongadina tamin'izany fa very olomanga ny firenena, very ireo mpiaro azy, ireo iharan'ny tsy rariny samy hafa.

Stefa

Jean Bosco R, COMTIM Ambohitrolomahitsy

Haka fahefana matoa manao politika

Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny fifidianana izay ho mpiantanana ny rafitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) eny anivon'ny kaominina, na ny COMTIM tany amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Voafidy hitantana ity rafitra fototry ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity tamin'izany i Jean Bosco Randriamparany, tanora mpanao politika avy amin'izany toerana izany. Tamin'io fotoana io koa no nanaovana ny fameloma-maso ny antoko, sy fifampiarahabana tratry ny taona, teo amin'ireo mpikatroka ao amin'ity kaominina Ambohitrolomahitsy ity. Tonga maro tokoa ny mpikatroka TIM nandritra izany, na ratsy aza ny toetran-

dro ny faran'ny herinandro teo. Nanome voninahitra ny fotoana ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM, sady depiote Antananarivo faha-5 Fetra Ralambozafimbololona, ny filohan'ny DISTIM Manjakandriana Henri William Randriamanga, ny avy amin'ny Vehivavy TIM Analamanga nahitana ny filohan'ny Rahelisoa Arphine sy ny mpikambana Ramatoa Bodoarilala. Nambaran'ny filohan'ny COMTIM Ambohitrolomahitsy Jean Bosco Randriamparany nandritra io fotoana io, fa matoa manao politika dia vonona haka fahefana izay. Vonona haka fahefana hatrany ny antoko TIM hoy izy, amin'ny fotoana rehetra mampety izany. Notsiahiviny fa nahazo 80% mahery ny vatony ny mpifidy, tany Ambohitro-

lomahitsy ny filoha Marc Ravalomanana, tamin'ny fifidianana filohan'ny fotoana natao izany teo amintsika ireny, mbola hanao ny tsaratsara kokoa noho izany hatrany Ambohitrolomahitsy amin'ny ho avy hoy izy, ka ny kinendry dia ny hame-rina ny filoha Marc Ravalomanana indray eo amin'ny fitondrana. Hanamafy ny fototra ihany koa ny COMTIM Ambohitrolomahitsy, ka hanangana ny FOKOTIM amin'ireo fokontany miisa 20 mandrafitra ity kaominina ity, hoy i Jean Bosco. Ny filohan'ny DISTIM Manjakandriana Henri William Randriamanga dia nampahatsiahy, fa tsy mora ny fanenjehana ny TIM hatramin'ny taona 2009, na izany aza dia mijoro ary vao mainka miha-matanjaka aza ity

antoko natsangan'i Dada ity hoy izy, satria ny TIM no anisan'ny antoko manana ny rafitra fototra manerana an'i Madagasikara. Noho izany, tsy hatahotra ireo vitsy an'isa mpandrobaka fahefana amin'ny tsy marina ireo isika, hoy ny depiote Fetra, nandritra ny lahateniny, tsy hatahotra intsony izay mety ho fampihorohoroana ataon'izy ireo. Ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga, Rahelisoa Arphine kosa dia nanentana ireo vehivavy tany an-toerana hanao politika, handray anjara amin'ny raharaham-pirenena, nanentana azy ireo izy hanara-maso ny lisi-pifidianana.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Mety mbola tsy hifarana ny fanondranana an-tsokosoko harem-pirenena

Anisan'ny vay an-kandrina ka sady maharary no mahamenatra, raha izay no azo ilazana azy, ny harenben'ny firenena izay tafavoaka any ivelany ary any vao sarona. Misongadina ao anatin'izany ireo volamena tao Afrika Atsimo, ny tao amin'ny Nosy Seychelles sy ny tao Comores. Ireo aloha no sarona, fa tsy fantatra intsony izay talohan'ireo. Voalaza aza fa misy efa aman-taonina no any Dubai. Avy amin'ny alalan'iza no nahatongavan'ireo any? Tsy vitan'olon-tsotra sy vahoaka madinika izany, fa tsy maintsy olo-maventy mifandray amin'ny manampahefana, sy mpitondra ambony izany matoa tafavoaka eto amin'ny firenena. Tsy adino ny nambaran'ny kapitenin-tsambo iray voatana teny amin'ny fonjan'Antanimora tamin'ny taona 2010 momba ilay raharaha andramena voatazona tatsy amin'ny Nosy Kaomoro. Niainga tao Mahajanga ny sambony nitondra andramena ary voatazona tao amin'io Nosy io. Nambaran'ny tamin'izany ireo mpitondra ambony nifandray tendro tamin'izany, fa nisy resaka tsy fifanarahana no nahasarona ilay fanondranana antso-kosoko. Tantara mipetraka izany.

Tato anatin'ny folo taona farany, tantely afa-drakotra ny harem-pirenena. Tsarona hatrany, taona maro-maromaro lasa izay, tao anaty tetezamita, nisy olom-boatendry sahy namaky bantsilana, fa nisy angidimby manangona volamena tany atsimo tany ary avy dia nivoaka an'i Madagasikara. Tsy nisy tohiny intsony ny resaka momba izany taorian'izay. Taty amin'ny taona 2021 sy 2022 izao, vao tena naresaka ity fanondranana volamena antso-kosoko ity, ary any ivelany vao tratra. Raha tsy ilay fitondrana any aza no mamoa ny raharaha, tsy fanta-bahoaka ny fisiany. Mahamenatra sy manala baraka ny firenena mihitsy izany toe-javatra izany. Ilay fiedinedin'ny fitondrana ankehitriny mihitsy miseho ho babany sy mihevitra ny hisongona ny firenen-kafa no mahavaka ao anatin'izany. Misy tsy milamina eny amin'ny seranam-piaramanidina na ny seranan-tsambo eto Madagasikara, matoa mitranga ny fivoahana antso-kosoko ny harem-pirenena. Ny mahavariana, dia misy sarona ary misy tafagorobaka. Ny an'iza no tafavoaka, dia ny an'iza no voasakana? Lasa mandeha amin'izany fisainan'ny olom-pirenena maro. Nambaran'ny ministry ny fitsarana fa misy tambajotrana "mafia" goavana mihitsy ao anatin'izany fanondranana antso-kosoko harem-pirenena izany. Mahalala izany ny mpandinika sy ny olom-pirenena maro, fa ny andrasana ny fihetsiky ny fitondrana mandrava izany, sy misambotra ny atidoha mpandroba ny harem-pirenena eto amin'ity firenena ity. Raha mbola tsy mitranga izany, dia fandrebirebena vahoaka fotsiny ihany no betsaka eto, ary sarotra ny isian'ny fifampitokisana. Tsy mbola hifarana ny fisian'ny harem-pirenena hivoaka an-tsokosoko...

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Kaloïna R.